1 **Ireo Zava- doza Efatra mikasika ny FIKAMBANAN'NY VAVOLOMBELON'I JEHOVAH**

1. Mandà ireo Fampianarana Fototry ny Kristianisma ara-Baiboly
2. Manova ny Baiboly
3. Tantaran'ireo faminaniana tsy tanteraka sy ireo fiovana ara-poto- pampianarana
4. Fanaparam- pahefana

2 **Fitomboana mampitolagaga maneran- tany eo amin'ny Fikambanan'ny Vavolombelon'i Jehovah**

<u>1992 - 2002</u>

- Nitombo hatramin'11 Tapitrisa – 15, 5 (41%) ny Fanatrehana Fivoriana manokana isan- taona
- Nitombo hatramin'ny 600.000 – 800. 000 (33%) ny isan'ireo mpampiely boky
- Ny tsirairay amin'ireo mpampiely boky ireo dia mahavita mandany eo ho eo amin'ny 200 ora isan- taona amin'ny famangiana
- Tontaliny = Famangiana fitetezan- tokantrano nandaniana 160 tapitrisa ora isan- taona

3 **Tarehimarika Matanjaka amin'ny Asa fampielezana ataon'ny Fikambanan'ny Vavolombelon'i Jehovah**

4

5 **Ny Mpanorina ny Fikambanan'ny Vavolombelon'i Jehovah**

- Nandeha tany amin'ny Fiangonana Kristiana iray (Presbyteriana) fony izy tanora
- Tsy nanaiky ny foto- pampianarana mikasika ny famaizana mandrakizay fony izy zatovo

6 **Mandà ireo Fampianarana Fototry ny Kristianisma ara-Baiboly**

- Telo – Izay - Iray

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

- Ny Maha- Andriamanitra an'i Kristy

- Fitsanganana ara- batan'i Kristy tamin'ny maty

- Ny maha- Persona ny Fanahy Masina

- Famonjena amin'ny fahasoavana irery ihany

- Famaizana mandrakizay an'ireo ratsy fanahy

7 **Izay ampianarin'ny vavolombelon'i Jehovah**

- Mandà ny fampianarana mikasika ny Telo – Izay - Iray
  - Maneho hevitra izy ireo fa tsy mampiasa ny teny "Telo – Izay – Iray" velively ny Baiboly.
  - Mitompo teny izy ireo fa fampianarana niala tamin'ny fahamarinana taty amin'ny taon- jato taorian'ireo Apostoly izany.

- Mampianatra izy ireo fa Jesosy dia anjely nohariana

- Mampianatra izy ireo fa ny Fanahy Masina dia hery, toy ny herin'aratra, izay tsy manana aina tahaka ny persona

- Mampianatra izy ireo fa Andriamanitra dia tsy maintsy antsoina amin'ny anarany manokana hoe "Jehovah"

8 **Famaliana ireo Vavolombelon'i Jehovah mikasika ny Telo – Izay – Iray**

- Ao amin'ny Baiboly ny fampianarana mikasika ny "Telo – Izay – Iray" na dia tsy hita ao amin'ny Baiboly aza ny teny "Telo – Izay – Iray"

- Manambara ny Baiboly fa tokana ny Andriamanitra marina

- Mampahafantatra ny maha- Persona samihafa ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina ny Baiboly

- Ny Ray, Zanaka ary ny Fanahy Masina dia manana ireo toetra

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

manokana maha- Andriamanitra izay tsy itoviany amin'ny hafa

- Noho izany, TOKANA ANDRIAMANITRA izay manana fisiana ao amina PERSONA TELO

9 **Ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy dia samy Persona miavaka**

Hita mazava tsara io tamin'ny nanaovana batisa an'i Jesosy:

"Ary raha vao niakatra avy teo amin'ny rano Izy (Jesosy), dia hitany ny lanitra nisokatra, ary ny Fanahy nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ianao no Zanako Malalako, Ianao no sitrako. …'"

Marka 1:10-11

10 **Ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy dia samy ambara tsirairay fa Andriamanitra**

- Ny Ray dia Andriamanitra – 1 Petera 1:2
- Ny Zanaka dia Andriamanitra– Jao 20:28; Heb. 1:8
- Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra – Asa 5:3-4

11 **Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy dia samy manana ireo toetra manokana maha- Andriamanitra an'Andriamanitra**

12 **Fanontaniana ho an'ireo Vavolombelon'i Jehovah**

- Toetra manokana an'Andriamanitra ve ny fahalalana ny zavatra rehetra, ny fahefana amin'ny zavatra rehetra ary ny maha- manerana ny zavatra rehetra?
- Azon'ny olona hafa ankoatran'Andriamanitra ananana ve ireo toetra manokana ananany ireo?
- Mampiseho ve ny Baiboly fa ny Ray, Zanaka, ary ny Fanahy Masina dia manana ny toetra manokan'Andriamanitra mahalala ny zavatra rehetra?
- Mazava ao an- tsainao ve hoe nahoana ny Kristiana manaraka ny finoana marina no mahita ny hevitra hoe ny Baiboly dia mampianatra fa Andriamanitra dia Telo – Izay - Iray?

13 **Famaliana ny Vavolombelon'i Jehovah mikasika ny Telo – Izay - Iray**

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

- Fomba filazana mifanaraka amin’ny Telo – Izay - Iray ao amin’ny Testamenta Vaovao:
  - Matio 28:18-19
  - 1 Korintiana 12:4-6
  - 2 Korintiana 13:14
  - Efesiana 4:4-6

- Ny fiangonana voalohany dia efa nino hatrany am- boalohany ny maha- Telo – Izay – Iray an’ Andriamanitra, fa nandritra ny Taon- jato telo voalohany, dia niha- nazava ny fomba fanazavana ny foto- pampianarana.

14 **Mahatakatra ny Foto-pampianarana mikasika ny Telo – Izay - Iray**

- Ny Telo – Izay – Iray dia TSY midika fa:
  - Sady Persona 3 no persona 1
  - Sady Zava-manan’aina 3 no zava- manan’aina 1

- Ny Telo – Izay – Iray dia midika fa:
  - Andriamanitra dia Zava-manan’aina 1, izay manana fisiana ao amin’ny PERSONA 3

15 **Izay ampianarin’ny Vavolombelon’i Jehovah momban’i Jesosy**

- Jesosy dia zava- boahary
  - “Lahimatoa talohan’izao zavatra ary rehetra izao” – Kolosiana 1:15
  - “izay voalohany tamin’ireo zavatra noharian’Andriamanitra” – Apok. 3:14 (TNM)

- Jesosy no “ilay arkanjely Mikaela” (*Reasoning,* p. 218)

- Jesosy dia “andriamanitra iray” (Jao. 1:1, TNM) ary “andriamanitra mahery” (dieu puissant) - Isaiah 9:6, fa tsy <u>Andriamanitra Tsitoha</u> (Dieu Tout Puissant)

- Milaza izy ireo fa ireo zava- boahary hafa dia antsoina hoe “ireo andriamanitra” (dieux) - (Hebreo: *elohim*) – Sal. 82:1; Jao 10:34

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

16 **Ny HAJA raisin'i Jesosy dia mitovy amin'izay raisin'i Jehovah Andriamanitra**

17 **Ny VONINAHITRA raisin'i Jesosy dia mitovy amin'izay raisin'i Jehovah Andriamanitra**

18 **Famaliana ireo ady hevitry ny Vavolombelon'i Jehovah ny amin'ny Jao. 1:1**

- ■Ny teny "Andriamanitra" (Grika: *theos)* ampiasaina eto momba ny Teny (Jesosy) dia tsy ahitana ny teny enti- mamaritra ny naona hiavaka (article défini) "ny", nefa tsy manova ny dika fototry ny teny izany,
- ■Singa (facteur) manana ny lanjany foana ireo teny manodidina izay mifamatotra sy mifampitohy aminy (contexte),

- ■Ohatra: Ao amin'ny 2 Kor. 4:4, Satana dia antsoina hoe "ny andriamanitr'izao tontolo izao" (*ho theos).* Ny fisian'ny "article" eto dia tsy midika fa satana no ilay "Andriamanitra marina"!

- ■Satria Jaona nanoratra fa Andriamanitra Ray dia *ho theos,* koa raha nanoratra teo amin'io fehezan- teny io ihany izy fa ny Teny dia *ho theos,* dia nahatonga tsi- fahazavan- kevitra amin'ny filazana tsy mivantana fa ny Teny (Jesosy) sy ny Ray dia Persona iray ihany izany.

19 **Famaliana ireo ady hevitry ny Vavolombelon'i Jehovah ny amin'ny Jao. 1:1**

- ■Ny teny Grika *theos* tsy misy "article défini" dia ampiasaina ao amin'ny Jao. 1:6, 12, 13, 18

- ■Amin'ireo andininy tsirairay ireo, ny Dikan- teny TNM an'ny vavolombelon'i Jehovah dia mandika azy io ho "Andriamanitra"

  And. 6 – "Nisy lehilahy nirahin'Andriamanitra [theos]; Jaona no anarany."

  And. 12 – "Fa izay rehetra nandray Azy dia nomery hery ho tonga zanak'Andriamanitra [theos], dia izay mino ny anarany."



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

And. 13 – "ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak' Andriamanitra <u>[theos].</u>"

20 **Famaliana ireo ady hevitry ny Vavolombelon'i Jehovah ny amin'ny Jao. 1:1**

- Ny teny "Andriamanitra" izay milaza zavatra/ olona tokana ao amin'ny Testamenta Taloha (Hebreo: *elohim*) sy ny Testamenta Vaovao (Grika: *theos*) dia ampiasaina mandrakariva momba an'Andriamanitra Tsitoha (Dieu Tout Puissant)

- Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny teny milaza zavatra/ olona tokana ho an'Andriamanitra (Grika: *theos)* dia ampiasaina in- 1. 400 – fa miseho in- 6 fotsiny ny fampiasana azy ho an'ireo andriamani- kafa, ary dia mazava hatrany izany ao amin'ireo teny manodidina mifampitohy aminy (Asa 7:43; 12:2:6; 2 Kor. 4:4; Filip. 3:19; 2 Tesal. 2:7)

- Noho izany, marina ny fehitenintsika fa ilay "Andriamanitra" tokana (*theos*) dia midika ho Andriamanitra marina, raha tsy hoe ireo teny manodidina mifampitohy aminy manondro amin'ny fomna mazava amin'ny fomba hafa

21 **Famaliana ny tsy fahazoan'ny Vavolombelon'i Jehovah ny dikan'ilay hoe "Lahimatoa"**

- Ny Vavolombelon'i Jehovah dia mampianatra amin'ny fomba diso fa io teny dia midika hoe Jesosy no zava- boaary voalohany amin'ireo noharian'i Jehovah
- Ny hevitra fototry ny teny "lahimatoa" ao amin'ny Baiboly dia hoe manana ny <u>toeram- boninahitra sy fahamboniana miohatra amin'ny hafa</u> – Eks. 4:22; Sal. 89:27; Kol. 1:15; Heb. 1:6

- Tsy voatery heverina ho filaharam- pizokiana io – Efraima sy Manasse ao amin'ny Gen. 48:14,18

22 **Jesosy dia Jehovah, 1**

*Ny Testamenta Vaovao dia mampihatra amin'i Jesosy ireo andalan- tsoratra masina maro ao amin'ny Testamenta Taloha izay milaza an'i Jehovah:*

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

- Deot. 6:4 = 1 Kor. 8:4-6
- Isaia 6:1-5 = Jao. 12:41
- Isaia 40:3 = Marka 1:2-4
- Isaia 45:22-24 = Filip. 2:6-11

23 **Jesosy dia Jehovah, 2**

1 Isaia 40:3

"Injany! Misy feon'ny miantso hoe: manamboara làlana ho an'i Jehovah"

2 Marka 1:2-3

"…voasoratra ao amin'ny Isaia mpaminany hoe:
'indro, Izaho maniraka ny irako hialoha anao,… Injany! misy feon'ny miantso mafy any an'efitra hoe: Amboary ny làlan'i Jehovah'"

24 **Jesosy dia Jehovah, 3**

1 Isaia 45:22-24

"Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan- tany rehetra; fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa … Izaho no handohalehan'ny lohalika rehetra; sy hianianan'ny lela rehetra hoe: 'Ao amin'i Jehovah ihany no misy fahamarinana be sy hery,'"

2 Filip. 2:5-11

"Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, izay, na dia nanana ny ndrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra nofikirina mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany … Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, … sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo …"



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

25 **Ny fampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah momban'ny Fahafatesana sy ny Helo**

- Tsy manana aina na fanahy maharitra velona manoloana ny fahafatesana ny olona – Gen. 2:7; 12:7
- Ny fahafatesana no mamarana ny fisian'ny olona iraye – Gen. 3:19; Mpit. 9:5,10
- Tsy misy izany aorian'ny fiainana eto an- tany izany– Mpit. 3:19-21
- Fahalevonana tanteraka no mahazo ny olona eo amin'ny fotoanan'ny fahafatesana – Mat. 10:28
- Tsy misy fahatsiarovan- tena, famaizana mandrakizay ho an'ny ratsy fanahy

26 **Famaliana ny foto- pampianaran'ny Vavolombelon'i mikasika ny Fahafatesana sy ny Helo, 1**

- Sal. 146:4 – ny fahafatesana dia mitondra ho amin'ny fahafoanan' ny fikasan'olombelona, nefa tsy mamarana ny fahatsiarovan- tenany izany
- Mpit. 9:5.10 – Manome sary tsotra ny fisehoan' ireo zavatra araka ny fijerin'olombelona, izay zavatra tsy misy marina fa ao an- tsaina fotsiny araka ny fahafantarantsika azy avy amin'ny fanambaran'Andriamanitra i Solomona
- "fanahy" (Hebreo: *nephesh*/ Grika: *psuchē* ) dia azo adika hoe ny olombelona dia – a "zava- manan'aina velona" (Gen. 2:7; 1 Kor. 15:45), nefa koa azo adika ho zavatra ananan'olombelona – ohatra, "ny fanahiko" (Sal. 35:9; Lio. 1:46)

27 **Famaliana ny foto- pampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah mikasika ny Fahafatesana sy ny Helo, 2**

- Ny vavolombelon'i Jehovah dia mandaha- kevitra fa ny fahafatesana no mamarana ny fisiana (annihilation), noho izany dia tsy misy izany fiainana aorian'ny fiainana an- tany

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

izany

- Nefa koa ny fandaharan- kevitra mifamadika amin'izay koa dia mitombina: raha misy fiainana aorian'ny fiainana an-tany, dia tsy ho fandevonana tanteraka ny fahafatesana

- Ny Baiboly dia mampianatra mazava fa misy ny fiainana aorian'ny fiainana eto an- tany:
  - Lio. 16:9-11
  - Lio. 23:43
  - 2 Kor. 5:6-8
  - Fil. 1:21-24
  - Apok. 6:9-11

28 **Ny Fampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah mikasika ny Famonjena**

- Misy sokaji-na kristiana:
  - "Sokajin'ireo voahosotra" (144.000) izay ho any an- danitra amin'ny maha- zanaka lahy naterak'Andriamanitra indray (Apok. 7:2-8; 14:1-5; 1 Kor. 15:50)
  - "Vahoaka marobe" izay hitsangana amin'ny maty ary hiaina ao amin'ny paradisa an- tany (Apok. 7:9-17; ampitahao amin'ny 21:2-4)
- Andinin-tSoratra Masina hafa manohana ny fisian'ny sokaji-na anankiroa:
  - ❖Samihafa ny Mpanjaka & mpisorona sy ny ireo olona anjakany – Apok. 1:6; 5:10; 20:6
  - ❖Samihafa ireo "ondry vitsy" sy ireo "ondry hafa" – Lio. 12:32; Jao.10:16
- Mitaky finoana an'i Kristy sy AMPIANA asa mafy ny famonjena

29 **Famaliana ny Fampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah mikasika ny Famonjena**

- Ny kristiana rehetra dia samy manana fanantenana avokoa – Efes. 4:4

- Mambran'ny Tenan'i Kristy avokoa ny kristiana rehetra ary tsy tokony hanao fihetsika manambany ireo hafa – 1 Kor. 12:12-27

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

- Ny kristiana rehetra dia zanaka naterak'Andriamanitra indray – Rom. 8:9, 14-16; Gal. 3:26-27

30 **Ilay Baiboly feno Fitaka an'ny Vavolombelon'i Jehovah**

- "Soratra Masina - Fandikan- tenin'ny Tontolo Vaovao"
- Fanovana niniana natao amin'ireo andalana fanalahidy
- "mpandika teny" tsy manana ny fahaizana ilaina amin'io asa io
- Nolavin'ireo manam- pahaizana ambony amin'ny teny Grika

31 **Mpandika teny tsy manana ny fahaizana ilaina amin'ny asa fandikana teny**

- Ny 4 amin'ireo 5 "mpandika teny"-n'ny TNM dia tsy nahalala mikasika ny teny Hebreo na Grika
- Ny "mpandika teny" 1 (Frederick W. Franz) izay nilaza tena ho nahalala ny teny Hebreo, dia tsy nahomby tamin'ny fitsapam-pahaizana tsotra mikasika ny teny Hebreo natao tao amin'ny Tribonaly
- Tsy neken'ireo manam- pahaizana ambony amin'ny Baiboly: Dr. Robert Countess, Dr. Julius Mantey, Dr. Bruce M. Metzger, Dr. H. H. Rowley

* Ron Rhodes, *Reasoning from the Scriptures with Jehovah's Witnesses,* 1993, pp. 97-98

32 **Fanovana ny Baiboly - John 1:1**

1 <u>DIKAN- TENY MARINA</u>

"Tamin'ny voalohany ny Teny ary ny Teny dia tao amin'Andriamanitra ary ny Teny <u>dia Andriamanitra</u>."

2 DIKAN-TENY TNM

"Tany am-piandohana ny Teny, ary ny Teny dia niaraka tamin' Andriamanitra, ary ny teny <u>dia</u> <u>andriamanitra</u>."

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

33 **Fanovana ny Baiboly – Hebreo 1:6**

1 DIKAN-TENY MARINA

Ary raha mitondra ny lahimatoa ho amin’izao fiainana izao indray, dia hoy izy, “Aoka ny anjelin’Andriamanitra rehetra <u>hiankohoka eo anoloany</u>."

2 DIKAN-TENY TNM

Rehefa hirahinaindray eo amin’ny tany onenana ny Lahimatoany, dia hoy izy: ‘Ary aoka hiankohoka eo anatrehany ny anjelin’Andriamanitra rehetra.’

34 **Fanovana ny Baiboly – Kolosiana 1:16-17**

- “fa tao aminy no nahariana ny zavatra [hafa] rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra [hafa] rehetra, sady ho Azy izany; ary Izy no talohan'ny zavatra [hafa] rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra [hafa] rehetra.”

35 **Ny Maha-Andriamanitra an’I Kristy Jaona 1:3 sy Kolosiana 1:16**

1 Izay rehetra NOHARIANA

2 Izay TSY NOHARIANA

36 **Fanovana ny Baiboly – Hebreo 1:8**

1 <u>Dikateny marina:</u>

- “Fa ny Zanaka kosa dia nilazany hoe: "Ny seza fiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizay doria”

”

2 <u>New World Translation</u>

“Fa ny amin’ny Zanaka: Andriamanitra no seza fiandriananao mandrakizay”

37 **Ny Testamenta Vaovao dia manandratra ny anarana hoe:**

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

**Jesosy, fa tsy Jehovah.**

- Amin'ny anaran'izay isika no tokony hivavaka? Matio 18:20; Jaona 14:13-14; 15:16; 16:23-24; 1 Korintiana 5:4
- Amin'ny anan'iza ny Fibebahana no tokony ho toriana? – Luke 24:47
- Ny anaran'iza irery ihany no ahazoana famonjena? – Acts 4:12
- Anaran'iza no nantsoin'ny apostoly Paoly? – 1 Corinthians 1:12
- Anaran'iza no ambonin'ny anarana rehetra? – Philippians 2:9-11
- Iza no maha-vavolombelona antsika? – Acts 1:8

38 **Fahefana takian'ny Tilikambon'ny Fiambenana**

- Ny Tilikambon'ny Fiambenana dia mitaky ny fahefana haminany
- Mitaky ho hany mpitondra teny avy amin'Andriamanitra
- Milaza fa tsy misy mahazo mazava ny Baiboly afa-tsy izy ireo irery ihany

39 **Fahefana takian'ny Tilikambon'ny Fiambenana**

"Jehovah dia mampiasa fikambanana tokana ihany ankehitriny hanatanterahany ny sitrapony. Mba ahazoana fiainana mandrakizay eto amin'ny paradisa an-tany dia tsy maintsy mahalala izany fikambanana izany isika ary manompo an'Andriamanitra ao anatin'izany." (*The Watchtower*, February 15, 1983, p. 12)

40 **Fahefana takian'ny Tilikambon'ny Fiambenana**

"koa moa ve Jehovah manana mpaminany afaka hanampy azy ireo, hampitandrina azy amin'ireo loza sy hanambara aminy ireo zavatra ho avy?  Azo valiana hoe: eny ireo fanontaniana ireo… Izany 'mpaminany' izany dia tsy lehilahy tokana, fa fikamban'olona maro, lahy sy vavy… Ankehitriny ireo dia fantatra amin'ny anarana hoe: Kristiana Vavolombelon'I Jehovah." (*The Watchtower*, April 1, 1972, p. 197)

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet:  www.irr.org • E-mail:  info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research.  All rights reserved.*

41 **Faminaniana tsy tanteraka**

- Fara-andro tamin'ny taona 1914
- Fara-andro tamin'ny taona 1915
- Fara-andro tamin'ny taona 1918
- Fiverenan'ireo olo-masina tao amin'ny Testamenta Taloha, 1925
- Fara-andro tamin'ny taona 1941
- Fara-andro tamin'ny taona 1975

42 **Faminaniana tsy tanteraka**

- 1916 – "Ny filaharan'ny fotoana ara-Baiboly izay aseho eto dia ahitana fa ny andron'ireo 1.000 taona lehibe enina izay nanomboka tamin'i Adama dia efa tapitra, ary ny andro faha-7 lehibe, dia ny 1.000 taonan'ny fanjakan'i Kristy, dia nanomboka tamin'ny 1873." (*The Time Is at Hand,* page ii, Foreword).
- 1917 – "Ary, amin'ny taona 1918, raha mandrava ireo trano fiangonana rehetra sy mpiangona aman-tapitrisany Andriamanitra, dia indro fa ireo rehetra sisa tavela dia ho avy hanatona ireo soratr'i Pastera Russell ka hianatra ny hevitry ny hoe fianjeran'ny fivavahana kristiana." (*The Finished Mystery,* 1917 ed., p. 485)

43 **Faminaniana tsy tanteraka**

- 1918 – "Noho izany dia azo atao ny manantenana fa ny taona 1925 dia manamarika ny fiverenan'i Abrahama, Isaka, Jakoba ary ireo mpaminany tany aloha, indrindra ireo izay voalazan'ny Apostoly ao amin'ny Hebreo 11, amin'ny toetry ny fahatanterahan'ny olombelona" (Millions Now Living Will Never Die, p. 89)
- 1922 – "Izany dia filaharan'ny fotoana tsy avy amain'ny olona, fa avy amin'Andriamanitra. Satria avy amin'Andriamanitra ary nohamarin'Andriamanitra, ny filaharam-potoana ankehitriny dia mijoro samirery, tena marina indrindra… " (Watchtower,

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

July 15, 1922 p. 217)

44 **Faminaniana tsy tanteraka**

- 1922 - "Ny taona 1925 dia voatondron'ny Soratra Masina amin'ny fomba miavaka kokoa aza nohon'ny taona 1914." (*The Watchtower. September 1, 1922*, page 262)
- 1931 - "Nisy fahadisoam-panantenana azo refesina tokoa teo amin'ireo vavolombelona mahatokin'I Jehovah eto an-tany mikasika ny taona 1917, 1918, ary 1925, dia fahadisoam-panantenana naharitra vetivety...ary efa nianatra ny tsy hametraka daty intsony izy ireo." (*Vindication,* p. 338)

45 **Fiovana sy Fifanoherana**

- Fitsanganan'ireo olona tao Sodoma
  - 1879 – Hitsangana amin'ny maty ireo
  - 1952 – *Tsy* hitsangana amin'ny maty ireo
  - 1965 – Eny, hitsangana amin'ny maty ireo.
  - 1988 – Tsia, tsy hitsangana amin'ny maty ireo.

- Ny "Tompo" ao amin'ny Romana 10:12-16
  - 1903 - "Tompo" dia milaza an'i Jesosy.
  - 1940 - "Tompo" dia milaza an'i Jehovah.
  - 1978 - "Tompo" dia milaza an'i Jesosy.
  - 1980 - "Tompo" dia milaza an'i Jehovah.

46 **Olona tao Sodoma hitsangana amin'ny maty?**

1 Eny - 1879

"Noho izany ny tenin'I Kristy no mampianatra antsika fa mbola tsy nahazo ny fotoana feno izy. … Koa, raha voaresaka ny famerenana azy, dia milaza ny fitsanganany amin'ny maty izany."

(*Zion's Watch Tower Reprints,* July 1879, p. 7)

2 Tsia - 1952

"Sodoma dia efa ao anatin'ny 'famaizam-pitsarana ho amin'ny afo maharitra mandrakizay'."

(*The Watchtower,* June 1, 1952, p. 338)

3 Eny- 1965

"mba ho 'azo hiaretana kokoa ho an'ny tany Sodoma sy Gomora' nohon'ny tany hafa, dia ilaina ireo mponina tao

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*

*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

taloha hanatrika ny Andron'ny Fitsarana."
(*The Watchtower,* August 1, 1965, p. 479)

47 **Fiovana sy fifanoherana**

- Fahefana lehibe ao amin'ny Romana 13:1
  - 1916 - 'fahefana lehibe' = fitondram-panjakana.
  - 1943 - 'fahefana lehibe' = Andriamanitra Ray sy Kristy
  - 1964 - 'fahefana lehibe' = fitondram-panjakana.

- Ny Tilikambon'ny Fiambenana dia miaiky fa ireo fiovana ireo dia novidian'ny Vavolombelon'I Jehovah lafo tamin'ny ainy. (*The Watchtower,* November 15, 1950, p. 441)

- Fanasarahana ny 'ondry sy ny osy' *(Matio 25:31-46)*
  - 1919 – Hitranga aorian'ny Fahoriana Lehibe.
  - 1923 – Efa mitranga ankehitriny, alohan'ny Fahoriana lehibe
  - 1995 – Hitranga aorian'ny Fahoriana Lehibe

48 **Iza moa ireo "Fahefana Lehibe"?**

1 1916 – Fiton-dram-panjakana

"Ny fitenenana ratsy ny fahefana, ny fanambaniana azy, ny fihomehezana azy, izay manintona tokoa, dia fahotana mpitranga … His command to us meantime is that we 'be subject to powers that be' … Rom. 13:1"
(*Zion's Watch Tower Reprints,* September 1, 1916, p. 5952)

2 1929 – Jesosy sy Jehovah Andriamanitra

"Ny taona 1929 dia niposaka ny mazava. Tamin'io taona io no namoahan'ny Tilikambon'ny Fiambenana ny fanazavana ara-tSoratra Masina ny Romana 13. Io no maneho fa Jehovah Andriamanitra sy Jesosy, fa tsy ireo fanapahana eto amin'izao tontolo izao, no ireo 'Fahefana Lehibe'" (*The Truth Shall Make You Free,* [1943 ed.], p. 312)

3 1964 – Fiton-dram-panjakana

"Ilaina, noho izany, ny olom-pirenena rehetra hankatò ireo fitakiana ara-drariny izay ataon'ny fitondram-panjakana aminy. Izany koa dia mifanaraka amin'izay lazain'ny apostoly Paoly hoe: 'Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefana lehibe' izany hoe ny fitondram-panjakana. —Rom. 13:1'" (*The Watchtower,* June 15, 1964, p. 357)

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

49 **Filazana: Ny Tilikambon'ny Fiambenana irery ihany no mahay manazava ny Baiboly**

"Raha te handeha amin'ny fahazavan'ny fahamarinana isika dia tsy maintsy manaiky an'I Jehovah Andriamanitra ho Raintsika ary ny Fikambanany ho renitsika." (*The Watchtower*, May 1, 1957, p. 274)

50 **Fanaparam-pahefan'ny Tilikambon'ny Fiambenana**

- Mitaky fanoavana tsy misy fanontaniana avy ami'ny mambra
- Mandrana ny famindrana rà
- Mandrara ny fankalazana ireo andro fety rehetra mbamin'ny fitsingerenan'ny taona naterahana.
- Mandrara ny fifandraisana amin'ny ireo havana na namana manakiana ny Tilikambo.
- Manapaka amin'ny alalan'ny tahotra sy ny rahona: ny tsy-fankatoavana dia hitarika fanaisorana ary faharavana amin'ny Hara-magedona.

51 **Voarara ve ny famindrana rà?**

- Ny fampianaran'ny VJ dia milaza fa voarara
- Fampiasan-diso ny Soratra Masina izany
- Ny famindrana dia tsy mitovy amin'ny fihinanana.
- Miandalana ny fanambaran'A/tra ao ami'ny SM.

52 **Toro-marika**

- Hasehoy am-panajana ny tsy fisian'ny fahatsorana eo amin'ny Tilikambon'ny Fiambenana.
- Hazavao ireo Faminaniana tsy tanteraka sy ireo fiovana eo amin'ny fampianarana.
- Ampiharihario ny tsy fahampiam-pahalalàn'ireo mpandika tenin'ny New World Translation.

53 **Fanonataniana ho an'ireo Vavolombelon'I Jehovah**

<u>*Anontanio ireo Vavolombelon'I Jehovah:*</u>

- Nosorata ho an'ny olona rehetra ve ny Baiboly? – Asa 17:30; 1 Korintiana 1:2
- Nisy foana ve ireo tena Kristiana marina nadritra izay 2000 taona izay? – Matio 16:18
- Afaka mahalala ny lalam-pamonjena ve ny tsirairay raha toa ka tsy misy ireo soratra avy amin'ny Tilikambon'ny

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*

Fiambenana fa misy kosa ny Baiboly?

54 **Fenitra ara-Baiboly ho famaliana ireo Vavolombelon'i Jehovah**

*Anontanio ireo Vavolombelon'I Jehovah:*

■Tsy tokony hihevitra momba ny fahatsorana sy fahamarinana misy eo amina Fikambanana iray heveriko idirana ve aho?

■Raha misy ireo porofo maneho fa nisy faminaniana tsy tanteraka sy fiovana ara-poto-pampianarana teo amin'ny Tilikambo, liana ve ianao hafantatra izany?

55 **Fenitra ara-Baiboly ho famaliana ireo Vavolombelon'i Jehovah**

*Ny fihetsikao dia mitovy lanja amin'ny fampianaranao:*

■1 Petera 3:15 – aoka ho vonona, saingy amin'ny fahamorana

■Efesiana 4:15 – "mandeha (milaza) ny fahamarinana amin'ny fitiavana"

■2 Timothy 2:24-26 – "Ary tsy mety raha miady ny mpanompon'ny Tompo, fa ho malemy fanahy amin'ny olona rehetra, mahay mampianatra, mahalefitra, [25]mananatra ny mpanohitra amin'ny fahamoram-panahy; fa angamba Andriamanitra hanome azy fibebahana hahalalany tsara ny marina, [26]ka hody ny sainy ho afaka amin'ny fandriky ny devoly, izay nanao azy sambo-belona hanao ny sitrapony."

56 **Ny ohatr'ilay Samaritana**

*Institute for Religious Research*
*1340 Monroe Ave. N.W. • Grand Rapids, MI 49505 • USA*
*Phone: (616) 451-4562 • Fax: (616) 451-8907 • Internet: www.irr.org • E-mail: info@irr.org*



*© 2012 Institute for Religious Research. All rights reserved.*